AMBALAVAO 4

# NANJAVONA NY 400 TAPITRISA Ar TAO AMIN'NY "TRESORERIE PRINCIPALE"

Gazetiko
www.gazetiko.mg
Laharana 7549 Taona faha-25 Vidiny: 500 Ariary Gazety mivoaka isan'andro Alarobia 19 aprily 2023

MINISITRY NY RAHARAHAM-BAHINY FRANTSAY 7

## NANEMOTRA NY FOTOANA HIFAMPIDINIHANY AMIN' NY MPITONDRA MALAGASY



AMBODITSIRY 7

## NOTOKANANA OMALY NY MOZEA RAINILAIARIVONY



MARINA IZANY ! 7

## MITAKY PAIKADY...!

"A VOUS LA PAROLE" 2

BEKOTO SY DAMA TARIKA MAHALEO



## "SAROTRA NY TSY HITANTARA NY ZAVA-MISY ETO MADAGASIKARA"

Fantina 8

## MAHATSARA NY FAHASALAMANA NY FIHINANANA PERSIL

KITRA-BAREAN' I MADAGASIKARA 3

## NEKEN'NY FMF NY FAMETRAHAMPIALAN' I NICOLAS DUPUIS

DISTRIKAN'I MANJA 7

## OLOM-PANJAKANA MANAMPATRA FAHEFANA






# "A vous la paroles"

## Bekoto sy Dama tarika Mahaleo

# Sarotra ny tsy hitantara ny zava-misy eto Madagasikara

*Namaly ny fanontanian'ny mpamaky ny gazety " Midi Madagasikara " sy Gazetiko i Bekoto sy Dama, akanga sisa nanamborana ao amin'ny Tarika Mahaleo. Ny tena nisongandina tamin'ireo fanontaniana napetraky ny mpankafy ireto notsongaina ireto.*


**Fanontaniana 1(F1): Ny hiran'i Bekoto ve fiainany? ary ny an'i Dama?**
**Tarika Mahaleo (TaM):** Famoronana ny anay, famoronana miainga amin'ny zava-misy.
Ny tarika Malahelo, samy mamana ny maha izy azy izahay 7 mirahalahy ary samy manana ny fomba famoronany, Dama, Bekoto, Dada, Raoul. Izahay ireo dia samy teraka tamin'ny rivotry ny taona 1972. Nitaky ny maha isika antsika ny Malagasy tamin'izany indrindra ny mpianatra. Notakiana tamin'izany ny hoe hampiarahana amin'ny programampampianarana ny zava-misy eto Madagasikara.
**F2: Toa manamarina ny zava-misy ny hiran'ny Mahaleo hatramin'izay ka hatramin'izao. Faminaniana ve izy ireny sa fanahiana?**
**TaM**: Mamorona fotsiny izahay de izay. Nanamarika izany ilay hira hoe "Adintsaina" mbola tanora anefa mihira hiran'olona antitra.
**F3: Aminareo, inona no atao hoe fanahy Mahaleo sy Revy Mahaleo? Ary inona no nahatonga ny anaran'ny tarika Mahaleo?**
**TaM**: Tany am-pianarana dia Mahaleo ny anarako, ary efa mpihirahira tamin'izany.Tetsy ankilany, nanana ny "orchstres" les "Pinsons" ry Bekoto, Dada, Charles, Nono, Fafa, tao amin'ny Lycee Antsirabe. Ny olona no nanome ny anarana hoe Mahaleo fa tsy ny tarika.
Fanahy Mahaleo sy revy Mahaleo, tsy nanao "statut" ary tsy misy "contrat" hoe hanangana tarika izahay. Ny hira no nahafahana nihaona sy nifanakalo revy. Izay ilay revy mahaleo. Fanahy Mahaleo, fanahy maha malagasy.
**F4: Efa nisy fotoana ve ny tarika Mahaleo nanana olana saro-bahana, dia iza no nandefitra?**
**TaM:** Ny olombelona raha mitokana irery dia tsy manana olana angamba izy. Fa rehefa miaraka roa na telo dia misy hatrany ny olana. Fa noho ny fahatsapanay fa samy manana ny maha izy azy ny tsirairay dia izay tsara no nofikirina. Nitsinjo ny ho avy ihany koa izahay ka na teo aza ny olana dia niravona ihany.
**F5 : Mety mbola hamoaka rakikira na rakitsary ve ny tarika?**
**TaM:** Tsy mbola fantatra… mety ho rehefa mivoaka vao samy taitra. Raha mbola velona aina, ka mahita ny manodidina, tsy manampina maso, tsy manampina vava amin'ny zava-misy eto Madagasikara, dia izay no tsy mamorona intsony. Fa raha mahita ny maso, misokatra ny vava, maheno ny sofina dia sarotra be ny tsy hitantara ny zava-misy eto Madagasikara.
**F6: Nahoana no tsy hirainareo mihitsy ny hira voavoa mivoaka "cd" ireny rehefa fampisehoana?**
**TaM** : Ny zavatra tsikaritra, rehefa mihira izahy dia tian'ny olona ny miaraka mihira aminay. "Izay le revy Mahaleo". Ny hira voavao dia any anaty "Cd" fa rehefa zatra ny olona vao entina an-tsehatra.
**F7 : Rahoviana ny fampisehoana manaraka?**
**TaM**: Tsy izahay no mandamina fa ny mpikarakara. Ny zavatra hitranga manaraka dia fifaninana "Cover Mahaleo " manerana ny faritra eto Madagasikara, amin'ity taona ity, mba hanohizana ny revy Mahaleo.
**F8: Misy olona manontany an'i Tolotra sy Ony isaky ny misy seho ataonareo? Ny Hevitrareo?**
**TaM**: Sambatra be izahay sy Bekoto, Sambatra satria izay zanakay tsy ampozina hoe hanampy anay amin'ny andro sarotra no tonga hanampy anay. De ahoana no tsy havelanay hanampy anay ny zanakay? Mbola manohana anay aloha ny zanakay amin'izao fotoana izao dia avelao izy hanampy anay fa aza asiana resaka be.Tolotra sy Ony Mahaleo Zandriny efa nantsoina izy tao Antsahamanitra. Aoka izay ny malama vava anaty fesiboky. Aza mila vaniny zalahy a!
**F9: Betsaka ireo mpanakiana ny taranak'i Mahaleo tany anaty fesiboky. Ahoana ny hevirtareo roa alahy momba izany?**
**TaM** : Tsy misy fiainana tsy misy fanakianana. Tsy namolavola sy tsy tao anaty fandaharam-potoana hoe ndao atao maty ry zalahy, dia ndao asiana taranaka. Tantara izany, tsy afaka handa ny tantara. Meteza ianareo eo amin'ny toerana.
**F10: Hampidirina ho mpikambana ao anatin'ny Mahaleo ve ny taranaka na koa hanotrona anareo foana raha asaina misafidy ianareo?**
**TaM**: Zaranay aza ry zalahy manotrona anay. Fa ny zavadehibe dia hoe, Mahaleo tsy manidy varavarana izany mihitsy. Tany Paris niaraka tamin'i Samoela dia raikitra ny Mahaleo niaraka tamin'ny Taranaka sy Samoela. Aoka izay fa aleo handeha ny revy Mahaleo.
Mahaleo zandriny tsy olana raha manao Mahaleo izy.
**F11: Rehefa fotoana inona no tena mahatsiaro ireo efa lasa ianareo?**
**TaM** : Isanandro isanandro. Misy hiran'ny Mahaleo mandeha foana isanandro. Saika tsy tafarina izahay sy Bekoto. Raha vao maheno Mahaleo izahay dia resy be. Resy be izahay ary efa saika resy. Ny hira no nandresy dia ndao ny hira no entina hanarenana ny fiainana sy handresena ny alahelo.
**F12: Ny zanakareo ve efa teny mpihira daholo?**
**TaM** : Popoly ihany no efa mpihira sy zatra sehatra amin'ireo taranaka.
**F13: Azo ampiasaina ve ny hiranareo amin'ny fety aman-danonana tsy hakana vola?**
**TaM:** Raha vao tsy misy fakana vola dia tsy maninona ka! Izay ilay hoe famelomamaso ny hiran'ny tarika.
**F15: Ahoana ny fahitanareo ny hira amin'izao fotoana izao raha oharina tamin'ny taona 1972?**
**TaM**: Vanim-potoana samihafa ilay izy, fotoanan'ny hira ohatra an'izany izao. Fa ny anay mijanona amin'ny hoe zavatra tena hita sy iainana. Ny anay izany tena tsy miala amin'ilay hoe fiaianan'olombelona
**F16: Inona ny vinan'ny tarika Mahaleo ato ho ato sy ny lavitrezaka ary fanomanana ny 50 taona manaraka?**
**TaM**: Azo jerena sy henoina anatin'ny hiranay. Inona daholo ny nofinofinay anaty hiranay fa tsy misaraka amin'ny fitiavana ny Nosy. Ny vinanay dia hiadana sy ho finaritra tokoa i Madagasikara. Mila mandini-tena isika. Inona ny tsy vitantsika amin'ny fanabeazana ny olombelona fa latsaka ambany dia ambany ny fanabeazana ny mponina eto.

**Nangonin'i Tiaray R**

MINISTERE DE L'EDUCATION NATIONALE

UNITÉ D'ÉVALUATION DES ACQUIS SCOLAIRES

## *CONCEPTION DES INSTRUMENTS DE L'ÉVALUATION DES ACQUIS SCOLAIRES*



De nombreuses mesures qualitatives sont préconisées pour réformer l'éducation fondamentale à Madagascar. Afin de déterminer dans quelle mesure la réforme a un impact sur les apprentissages, des évaluations périodiques des acquis scolaires vont être menées dans le cadre du Projet d'Appui à l'Éducation de Base (PAEB), en cohérence avec la réforme et en appui au programme du Gouvernement. Le Ministère de l'Éducation Nationale (MEN), par le biais de l'Unité de l'Évaluation des Acquis Scolaires (UEAS), assure la qualité desdites évaluations.

Effectuer l'évaluation des acquis scolaires nécessite une manœuvre scientifique dans la conception des instruments et des procédures utilisés pour sa réalisation. Pour sa part, l'UEAS alloue un temps considérable pour mener une mûre réflexion avant la collecte sur terrain. Il est important de disposer des outils adéquats pour cela. Concrètement, l'unité renforce son équipe en échangeant les formations sur les techniques d'élaboration des tests et les expériences acquises en matière de conception des instruments d'évaluation. Dans ce sens, l'esprit de recherche et la créativité sont suscités. Par ailleurs, la recherche scientifique et la documentation s'imposent.

Cela implique l'élaboration de tests, objets de l'évaluation, la notification des détails pour





une bonne administration des tests et la définition des questions sur les éléments essentiels ayant des influences sur les acquis des élèves.

En tenant compte des spécificités locales, l'équipe de l'unité dresse les instruments de l'évaluation dans le cadre des programmes scolaires en vigueur. Les tests élaborés passent à une mise à l'échelle représentative des cibles à l'évaluation. Leur qualité est importante dans la conduite de l'étude, d'où la nécessité de la rigueur lors de la conception, la mise à l'essai, l'analyse et la finalisation des outils d'évaluation.

MINISTERE DE L'EDUCATION NATIONALE
Trano Boribory Anay
Ministeran'ny Fanabeazam-pirenena Ofisialy
Numéro vert : 020 30 807 86
www.education.gov.mg

G-CL 406/31-12

Kitra - Barean'i Madagasikara

# Neken'ny FMF ny fametraham-pialan'i Nicolas Dupuis

*Ho fantatra tsy ho ela kosa ny mpanazatra vaovao.*

Tsy ho mpanazatra ny Barean'i Madagasikara "A" intsony i Nicolas Dupuis, eo amin'ny taranja baolina kitra. Io no fanapahan-kevitra noraisin'ny teo anivon'ny federasiona Malagasin'ny baolina kitra, omaly, nandritra ny fivoriana fanaony isankerinandro. Ho fantatra tsy ho ela kosa ny mpanazatra vaovao handimby azy. Tsiahivina fa taorian'ny faharesena 0 no ho 2 azon' ny Barean'i Madagasikara



Tsy ho mpanazatra ny Barean'i Madagasikara intsony i Nicolas Dupuis.

tatsy Yaoundé Kamerona farany teo, nanoloana ny Fauves-n'ny Republique Centrafrique no nambaran' ity mpanazatra ity tamin'ny mpilalao fa hijanona izy, saingy andro maromaro taty aoriana vao izao nanambara tamin'ny fomba ofisialy izao ny FMF. Fantatra kosa fa i Roro no hanazatra ny Barea amin'ny JIOI. Théodore Béatrice no hanazatra ny Barea vehivavy. Boris no mpanazatra ny Beach soccer ary Aboudou Amada no hitondra ny Barea COSAFA sy ny Lalaon'ny Frankofonia.

**Rabenaivo**

Basket - Tompondaka Section Ambohidratrimo

# Noraofin'ny DUNAMIS avokoa ny amboaran'ny sokajy "N1B" sy ny "U16" lehilahy sy vehivavy

Fantatra tamin'ny alahady lasa teo ny ekipa nibata ny amboaran'ny tompondakan' ny Section Ambohidratrimo basket-ball tamin'ity taompilalaovana ity, izay notanterahina teny amin'ny kianjan'ny RFI Ivato, ary hisolo tena azy amin'ny fiadiana ny tompondakan'ny Ligin' Analamanga (LRBBA). Nanjaka tokana ny ekipan'ny DUNAMIS ka lavony tao amin'ny lalao famaranana avokoa ny sokajy « N1B » lahy sy vavy. Toraka izany ihany koa teo amin'ny « U16 ». Natao mandroso sy miverina ny lalao famaranana. Teo amin'ny « U16 » zazavavy dia ekipa roa ihany no nifanintana ka natao mandroso sy



Manana fahaiza-miaraka ny mpilalaon'i Toky. (Sary: a.r)

miverina ny lalao famaranana. Lavon'ny DUNAMIS hatrany ny COSBAIMI. Ekipa telo kosa no nifampitana teo amin'ny latsaky ny 16 taona zazalahy. Nitana ny laharana voalohany tamin'izany hatrany ny DUNAMIS, narahin'ny BCMM sy ny COSBAIMI. Nandritra ny lalao famaranana tamin'ny "N1B" vehivavy, dia tamin'ny isa 63 no ho 21 no nandavoan' ny DUNAMIS ny rahavaviny ASTAR, marihina fa niaraka nilalao tao amin'ny ekipan'ny ASF fahiny ihany ny mpilalaon'i Toky sy Radom fa nizara roa taty aoriana. Teo amin'ny ekipa lehilahy dia nivoaka sempotra ny DUNAMIS vao nampiondrika ny GBCA tamin'ny isa 42 no ho 41. Marihina fa amin'ny fiadiana ny tompondakan'ny LRBBA, dia manana solontena telo ny Section Ambohidratrimo fa ny sokajy "U16" zazavavy irery ihany no solontena anankiroa.

**aris rafaly**

Tontolon'ny boky

# Hetsika roa amin'ity herinandro ity : Tsenam-boky sy "bar à livres"



Vanga, anisan'ireo hanafana ny " bar à livres " eny Itaosy.

Fararanon-danonana ity herinandro ity ho an'ny tontolon'ny boky. « *Bar à livres* », hetsika vaovao hiaraha-migoka ny mamy azo amin'ny boky no hotanterahina eny amin'ny Le Park, Bemasoandro Itaosy, ny tolakandron'ny sabotsy 22 aprily izao. "*Aina sa boky ?*", izay no lohatenin'ity hetsika voalohany ity. Tsapa fa mihena ny fitiavan'ny olona mamaky boky ankehitriny vokatry ny teknolojia vaovao. Misy anefa ireo mivelona amin'izany: mpanoratra, mpanao sary, mpandalina tantara sy ny sisa. Aiza ny lálana ? Izany no lohahevi-dehibe hiaraha-midinika amin'i Vanga, antropology sady poezisianina. Ho avy eo koa i Toavina Ralambomahay, mpanoratra, ary i Riri Razafindrabe, mpandrafitra tantara an-tsary, sy ny vahiny maro hafa koa. Maimaimpoana ny fidirana ary ny rehetra dia afaka mandray anjara amin'ny ady hevitra. Isaky ny sabotsy fahatelon'ny volana no misokatra ny "Bar à livres".

**Mahoray roa**

Alohan'izay, misy ny "Tsenam-boky" andiany faha-17 karakarain'ny AEDIM eny amin'ny zaridaina Antaninarenina. Ny alatsinainy teo no nanomboka izany ka tsy hifarana raha tsy ny zoma 21 aprily 2023. Hita ao ny fampirantiana, ny tafatafa amin'ny mpiantsehatra eo amin'ny tontolon'ny boky sy ny tranoeva famakiana boky ampitoerana. Rahampitso alarobia 19 aprily dia hisy vahiny roa avy ao amin'ny Agence Régionale du livre et de la lecture any Mayotte tonga haka traikefa aty Madagasikara. « *Te-hanao boky ry zareo nefa tsy manana éditeur ka mitady fiaraha-miasa aty. Mety ho dingana roa no hitranga : na izy mangataka boky hadika amin'ny éditeur gasy na tonga dia mpanoratra gasy no hiara-miasa aminy hanome lahatsoratra* », hoy Hobiana, mpanoratra.

**Nangonin'i Tiaray**

Lomano - Mada (50m)

# Nanamontsana zava-bita tsara indrindra roa ny ASSM CN

Mbola nisongadina hatrany ny ASSM CN (Association Sportive Saint Michel Club Natation), nandritra ny fiadiana ny tompondakan'i Madagasikara ho an'ny dobo filomanosana 50m natao tany Toamasina farany teo. Nahavita nanamontsana zava-bita tsara indrindra roa teto Madagasikara izy ireo tamin'izany, dia ny teo amin' ny 4x50QN Mixte, izay vitan'i Francky, Daniel, Angie ary Marie-Ange (01.59 41) raha 02.02.17 ny fe-potoana teo aloha. Teo koa ny fifaninanana 4x50NL Mixte, izay vitan'i Francky, Daniel, Anais



Izy 4 mianadahy (Francky, Angie, Anais, Daniel) nanamontsana zava-bita tsara indrindra teto Madagasikara teo amin'ny 4x50NL Mixte.

ary Angie tao anatin'ny 01.47.74 raha 01.50.23 ny fe-potoana teo aloha. Ireo izany no manampy ilay zava-bitan-dry Francky, Daniel, Jonathan ary Mamitiana teo amin'ny fifaninanana 4×50NL, nandritra ny andiany faha-11 ho an'ny "vive l'avenir". Marihina fa tamin'ny hazakazaka mifampitohy 17 natrehina, ny 10 tamin'ireo dia azon'izy ireo avokoa ny laharana voalohany. Ankoatra izay, mbola nanana mpilomano nanatsara fe-potoana koa ny ASSM CN, tamin'ny alalandRanaivosoa teo amin'ny 50dos natokana ho an'ny zazalahy 10 hatramin'ny 11taona. 00.38.23 no nahavitany izany raha 00.38.25 ny fe-potoana nahavitandRasolonjatovo Herinaivo Mickael tamin'ny 09/06/09. Teo amin'ny 200NL natokana ho an'ny 12 hatramin'ny 13taona dia vitan'Andrianaho Marie-Ange Praxas tao anatin'ny 02.23.81 raha 02.25.75 nahavitany izany tamin'ny 19/04/22. Teo amin' ny 400NL, natokana ho an'ny 12 hatramin'ny 13 taona, dia 05.09.19 no nahavitan' Andrianaho Marie-Ange Praxas ny fifaninanana, raha 05.09.51 no nanaovandRabarijaona Tiana Henintsoa Murielle izany tamin'ny 19/11/11. Ankoatra izay, teo amin'ny "Open" lehilahy dia voalohany Ramiakatrarivo Ando Francky, laharana fahatelo kosa Randrianarisoa Daniel.

*Taorin'izao vokatra izao, mbola voatazon'ny ASSM CN ny laharana voalohany tamin'ity taompilalaovana ity.*

**Rabenaivo**


## PETITES ANNONCES *Gazetiko*

### MIVIDY

* Debara, fanaka, TV, frigo, vy, kiraro, kilalao, boky. Mendrika. Tél : 034.68.015.70. (G-BA 521/15-13)

* MM. Feno. Mividy kojakoja, fanaka, poketra, kiraro, debaras sns. Tél : 033.01.764.83 / 034.22.160.88. (G-BA 519/20-13)

* Lamba, kiraro, fanaka, frigo, TV, kilalao, korontana sns. M. Sarah. Tél : 033.06.917.40 / 034.03.047.43. (G-BA 527/7-5)

* Fanaka, frigo, congélateur, machine, kojakoja an-dakozia... Tél : 032.40.056.16 / 033.11.173.27. (G-BA 529/20-1)

### AMIDY

* Fanaka, frigo, congélateur, chaîne, télé, an-dakozia, etc.... Tél : 034.74.225.75 / 033.25.796.88. (G-BA 528/10-1)

* Fanaka, frigo, congélateur, salon, bahut, armoire sns. Tél : 034.20.405.10 / 033.11.785.44. (G-BA 528/10-1)

### SERVICE

* Vidange fosse, wc perdu, puisard, plomberie, réparation, pompage. Tél : 034.86.276.79. (G-BA 256/6-6)

Ambalavao

# Nanjavona ny 400 tapitrisa ariary tao amin'ny "Trésorerie Principale"

*Nisokatra ny kaofra ary lakile ihany no mahasokatra an'io, satria misy teny miafina ihany koa ilay kaofra.*

Nanjavona ! Tsy vaky ny trano, tsy nahitana hoe nopitsohina ny kaofra fa nivaha ara-dalàna ary very tao ny vola 400 tapitrisa ariary tao amin'ny « trésorerie principale » Ambalavao, faritra Matsiatra ambony. Izany hoe tsy nisy soritra hoe nidiran'ny jiolahy na nisy fanafihana tao amin'ilay toerana nametrahana ny vola na ilay antsoina hoe «sans effraction ». Very tsotra izao ny volabe ary efa andro maromaro no nisehehoan'io tranga io, raha ny angom-baovao. Nikoropaka ny mpiasa rehefa nahita ny zava-nisy ary nilaza ho tsy nahalala ihany koa ny mpiambina tao, mpitandro ny filaminana avokao no mifandimby manao fiandry raharaha. "Mbola anatin'ny fanadihadiana izahay satria misy ny tsiambarantelo tokony tsy hivoaka. Nisy tokoa ny fahaverezana ary tsy nisy « effraction ». Tsy hita ho azy tao ny vola. Nisokatra ny kaofra ary lakile ihany no mahasokatra an'io, satria misy teny miafina ihany koa ilay kaofra. Nisy olona tafiditra izany tao. Tsy fantatra izany, fa ny zoma hatramin' ny alatsinainy maraina teo no nambaran'ny tomponandraikitra tao amin'ny « perception ». Mety ho efa tany aloha io vola io no tsy hita. Tsy misy mahalala fa izy ireo ihany no mahafantatra ny zava-misy fa ireo mpiasa tsy mahalala. Misy varavarana maromaro rahateo vao tonga any amin'ilay efitramisy azy io. Ny polisin'i Fianarantsoa no manao ny famotorana", hoy ny mpitandro ny filaminana. Marihina fa isambolana ny polisy sy ny zandary no mifandimby manao fiambenana an'ity « Trésorerie Principale » ity. Tamin'ny anjara asan'ny polisy kosa no nahafantarana fa tsy tao io volabe io, satria izy ireo no miambina amin'izao aprily izao. Ahiana ho ny alin'ny zoma teo kosa ilay tranga no niseho. Olona 7 hatreto no efa nanaovana famotorana.

**Ariel D.**

Mahitsy

# Fasana 2 nisy namaky, razana 10 very

Nisehoan'ny vaky fasana indray tany amin'iny faritr'i Mahitsy iny ny faran'ny herinandro teo. Fasana roa no fantatra fa nisy namaky tao Miandrarivo, fokontany Fiadanankely, kaominina Mahitsy, ny alin'ny Alahady lasa teo. Olona sendra nandalo teo amin'ilay toerana no nahatsikaritra ny fahavakisan'ireo fasana ireo ka nampandre ny mponina teo an-tanàna. Nampandrenesina ihany koa ny mpitandro filaminana. Rehefa natao ny fizahana dia fantatra fa razana tokony ho folo teo ho eo no very. Saika ny taolan-dava ihany anefa no tena nalain'ireo olon-dratsy fa ny sisa tsy tiany navelany tao. Nankorontany avokoa ny razana tao am-pasana. Raha ny fanazavana azo hatrany dia efa fasana taloha ireto nisy namaky ireto, ka ny iray no efa tonga ny tompony fa ilay faharoa kosa mbola tsy fantatra hatramin'ny omaly, fotoana nahazoana ny vaovao. Efa mandeha moa ny fanadihadiana ataon'ny zandary amin'izao mikasika io vaky fasana io. Fa mbola tany Mahitsy ihany. Tovolahy iray tokony ho telopolo taona eo no hita faty natsingevan'ny rano omaly maraina. Raha ny fanazavana dia ny alahady teo no lasan'ny rano izy raha niampita ny ranon'Ikopa teny Bevomanga nandeha nitady omby. Natao ny fikarohana azy taorian'izany saingy io omaly io vao hita ny fatiny.

**R.C**

Analakely

# Efa-dahy nitondra 4x4 mandrahona hamono izay olona mifanojo aminy

Lehilahy efatra no voasambotry ny polisy ny alin'ny alatsinainy lasa teo teny Analakely. Fantatra fa mandrahona hamono hahafaty ireo olona mifanojo aminy izy ireo. Araka ny fanazavana dia nahazo loharanom-baovao ny polisy tamin'io andro io tokony ho tamin'ny 12 ora latsaka fahefany mikasika ny fisian'ireo andian'olona mitondra antsy lava lela mandrahona ny hamono hahafaty eny an-toerana. Mihorohoro avokoa araka izany izay mifanehatra amin' izy ireo. Raha vao naheno mikasika io tranga io ireo mpitandro filaminana dia nandeha nidina tany amin' ilay toerana voatondro. Hita teo tokoa ry zalahy, saingy vao nahatazana ny fahatongavan'ireo polisy izy ireo dia namelona ilay fiara 4x4 nitondra azy ireo ary lasa nitsoaka niaraka tamin'izany. Raikitra ny fifanenjehana ka tsy lasa lavitra dia voasakana io fiara tsy mataho-dalana nentindry zalahy io. Nosavaina ny tao anaty fiara ka hita tao izy efa-dahy izay fantatra fa mamo avokoa, hoy hatrany ny fanazavana. Ankoatra izay, nahitana antsy lava lela sy maritoa roa lehibe ihany koa tao. Nosamborina ireo olona ireo ary nentina nankany amin'ny kaomisaria foibe Tsaralalàna. Dia rehefa avy eo natolotra ny polisin'ny SUT (Sûreté Urbaine du Territoire) izay manao ny fanadihadiana manokana. Mitohy ny famotorana.

**T.H**

Malaza - Raharaha ady tany

# Rangahy naratra mafy noho ny valifaty

Efa nandrasana mihitsy handalo ny fiaran'ilay rangahy ka teo no nanamparana herisetra noho ny afera ady tany efa nisy didim-pitsarana. Izany hoe niniana nodarohina izy ary nopotehina ihany koa ilay fiara nentiny tetsy Ambohimirahavavy, fokontany Malaza, kaominina Avaratsena, distrikan' Ambohidratrimo. Ny alatsinainy teo no nisehoan'ity tranga ity. Efa nisy raharaham-pitsarana teo amin'ilay lasibatra sy ny ireo nidaroka azy ireo noho ny resaka ady tany. Nahazo rariny ilay ankilany ka izao niteraka valifaty sy famonoana izao mihitsy. Nofirain'ireo tamin'ny antsim-bary ny lohan'ilay rangahy. Ankoatra izay dia nopotehan'izy ireo ihany koa ny fiara sady norobainy ny fitaovana rehetra fijinjana vary tao. Taorian'izay dia nampandre mpitandro filaminana ilay niharam-boina. Nisy avy hatrany ihany koa ny fisamborana an'ireo nahavanondoza. Mandeha ny fanadihadiana ny raharaha. Nilaza ho nisy nandrahona ihany koa ny zandary sady voaompan'ireo nandratra olona ireo rehefa nanao ny fanadihadiana teny antoerana.

**Ariel D.**

Sambo rendrika tany Ambilobe

# Mpivady niara-nidoboka am-ponja, olona telo hafa voasambotra

Ireto mpivady ireto no voalaza fa tomponantoka tamin'ny faharendrehan'ilay sambo nitondra mpiondrana antsokosoko tao Ambilobe, izay nahafatesan'ny olona maro ny alin'ny 11 martsa lasa teo. Tany Tsarabaria- Vohémar no nahatratrarana azy mivady ny zoma lasa teo. Taorian'ny famotorana nataon'ny zandary azy ireo dia natolotra ny Fitsaràna avy hatrany ny raharaha ny alatsinainy teo ka niara-nidoboka any am-ponja izy mivady. Mbola nitohy hatrany ny fikarohana nataon'ny zandary ka voasambotra tao Anaboranolfasy ihany koa ilay mpanamory ny sambo, izay sady mpiray tsikombakomba tamin'ny fitaomana ireo olona. Nisy mpivady voasambotra ihany koa, izay nampiantrano sy nanafika ilay mpanamory. Raha tsiahivina dia olona telopolo mahery no namoy ny ainy tamin'ny faharendrehan'ity sambo nitondra olona antsokosoko ho any Mayotte ity, tao Ambilobe ity. Tsy vao sambany moa no nisy tranga toy izao nihatra tamin'ireo mpiondrana an-tsokosoko mankany amin'ireo nosy akaiky antsika ireo. Na eo aza anefa izany dia mbola maro ihany ireo olona mitady hirika hivoahana ka sahy manao vy very ny ainy mihitsy. Manoloana izany dia nanamafy ny zandary fa tsy hilefitra amin'ireo mpandika lalàna. Anisan'ny fandikàndalàna ny fiondranana antsokosoko. Voakasik'izany avokoa na ireo mpandeha na ny tompon'ny sambo sy ireo mpiray tsikombakomba aminy.

**R.C**

## Tatsy sy taroa

*** Lehilahy roa samy 45 taona no niharan'ny fitsaram-bahoaka** tany Antsiranana ny sabotsy lasa teo tokony ho tamin'ny 9 ora alina, ka naratra mafy vokatr'izany. Araka ny fanazavana azo dia tratran'ny fokonolona nangalatra izy roa lahy ireo. Fantatra mantsy fa teo am-pangalarana « panneau solaire » izy ireo no tsikaritry ny olona ka nosamborina avy hatrany. Tsy avy hatrany kosa anefa dia natolotra ny mpitandro filaminana izy roa lahy fa tsy namelan'ny olona ka tonga dia tratran'ny daroka sy vono, ary naratra mafy tokoa. Fa nandritra izany no nisy nampandre mikasika ny zavanitranga ny polisy ka vantany vao naharay ny antso dia nandeha tany amin'ilay toerana.

**T.H**

**Gazetiko**
novokarina sy natontan'i
MIDI MADAGASIKARA S.A.
Sosaiety tsy anavahana anarana
manana renivola
Ar 37 452 000
**Tale jeneraly :**
Jeremy RABESAHALA
**Talen'ny Fanoratana :**
Lucien RAHARISON
034 34 697 06
**Talen'ny Famoahana sady Tonian'ny Fanoratana :**
Herivonjy RAJAONAH
034 34 697 10
**Birao sy fandraharahana :**
Lalana Ravoninahitriniarivo
**B.P.** 1414 - Antananarivo
**Tél.:** 22 697 79 / 22 697 80
**Fax.** 22 273 51
e-mail:midigazetikom@gmail.com
**D.L.I.:** 16 042 - 04 - 23
**Isan'ny natonta :** 25 000

## Nahandro

**Atin-kena sy holatra**

Zavatra ilaina: Atin-kena omby, holatra, tongolo be, tongolo maitso, tongolo gasy

Fomba fikarakarana azy: Endasina mitokana ny atin-kena. Andrahoina ho masaka ihany koa ny holatra. Araraka ao anatin' ny hena aloha ny saosy voalaza etsy ambony. Izay vao araraka ao ny holatra. Rehefa mifangaro tsara, dia azo esorina eo ambony afo. Aroso miaraka amin'ny vary sy lasary legioma.

## Manal azy de mimeme



## Sarisary zary tenany

**Laoka**




## Hatsikana an-tsary

**Tsy tiako**




### Masoandro Miposaka

**Matio 27 : 50-51**


**Ary rehefa niantso tamin'ny feo mahery indray Jesosy, dia nanolotra ny fanahiny. Ary, indro, ny efitra lamba tao amin'ny tempoly dia triatra nizara roa hatrany ambony ka hatrany ambany; dia nihorohoro ny tany, ka nitresaka ny vatolampy;**

### Indray mipika




Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05




Tantara sy sary: Nil

## Ohabolana



**Raha ho faty aho, matesa rahavana : raha ho faty rahavana, matesa ny omby.**

Si je dois mourir, que ce soit mon parent qui meure (à ma place) ; et si mon parent doit mourir, que ce soit le bœuf qui meure (à sa place).

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana 2930

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | | | | | | 6 | | |
| | | 4 | 6 | | | | | |
| | | | | 7 | 1 | | | |
| | | | | | | 7 | | |
| 7 | | | 4 | | 5 | 3 | | |
| | 8 | 3 | | | 6 | | 9 | 1 |
| | | 6 | | 1 | 3 | 2 | | |
| 3 | 9 | 5 | 8 | | | | 6 | |
| | | | | | | | 8 | |

Valin'ny laharana 2929

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 9 | 1 | 4 | 7 | 2 | 6 | 3 | 8 | 5 |
| 2 | 5 | 6 | 3 | 8 | 4 | 1 | 9 | 7 |
| 8 | 3 | 7 | 5 | 1 | 9 | 4 | 2 | 6 |
| 5 | 6 | 9 | 2 | 7 | 3 | 8 | 1 | 4 |
| 4 | 2 | 1 | 9 | 6 | 8 | 7 | 5 | 3 |
| 7 | 8 | 3 | 4 | 5 | 1 | 2 | 6 | 9 |
| 1 | 9 | 8 | 6 | 4 | 7 | 5 | 3 | 2 |
| 6 | 4 | 2 | 1 | 3 | 5 | 9 | 7 | 8 |
| 3 | 7 | 5 | 8 | 9 | 2 | 6 | 4 | 1 |

Minisitry ny Raharaham-bahiny frantsay

# Nanemotra ny fotoana hifampidinihany amin'ny mpitondra malagasy eto

*Andrasan'ireo fikambanana mitaky ny Nosy Malagasy fatratra io dian'ny mpikamban' ny governemanta frantsay eto Madagasikara io.*

Raha nambara tany am-boalohany dia ho avy hifampidinika amin'ny mpitondra malagasy eto Antananarivo ny faran'ny volana aprily izao ny Minisitry ny Raharaham-bahiny frantsay, Catherine Colonna, dia tsy ho raikitra indray izany. Nahazoam-baovao fa nampihemotra ny diany eto Madagasikara io mpikamban'ny governemanta frantsay io ka ny faran' ny volana mey izao indray vao mety ho tonga eto. Raha tsiahivina, voalaza ho isan'ny lahadinika mandritra ny fihaonana ny raharaha fikasana hamono ny filoham-pirenena « apollo 21 » ka nitazonana am-ponja ilay teratany frantsay roa eto Madagasikara. Eo ihany koa ny resaka manodidina ny raharaha Nosy Malagasy, izay mbola ifanolanan'ny firenena roa tonta sy nambara fa niteraka disadisa lalina ary ady mangatsiaka teo amin'ny fitondrana ankehitriny sy ny Renimalala. Mikasika ilay raharaha « Apollo 21 », tsikaritra ho tsy nitsahatra nitady ny fomba rehetra hahafahany mamindra ireo terataniny hotsaraina any amin'ny firenena niaviany (extradition) ny fitondram-panjakana frantsay tao anatin'ny volana maromaro. Ankoatra ny fianakavian'ireo teratany frantsay ireo dia niditra an-tsehatra nitaky izany ihany io Minisitry ny Raharaham-bahiny frantsay io.

**Hanao angaredona**

Heverina araka izany, fa raha misy tokoa ny fahatongavan' io lehiben'ny diplomasia frantsay io eto dia hanamafy izany fitakiany izany ny tenany. Mikasika ilay raharaha Nosy Malagasy indray, tsy vitsy ireo milaza fa mbola manjavozavo tanteraka, mba tsy hilazana hoe efa very tanteraka ny fanantenana ny hiverenan'ny fiandrianam-pirenena amin'ireo tanintsika ireo. Milaza ny samy vonona hiroso amin'ny fivoriana faharoan'ny Vaomiera iombonan'i Madagasikara-Frantsa hiresahana ny momba ireo Nosy Malagasy ireo ny roa tonta kanefa tsy mbola raikitra izany hatramin'ny androany ary tsy fantatra intsony ny tohiny. Etsy andanin'izany, nahazoam-baovao fa miomana hitarika vahoaka hihazo ny toerana misy ny masoivoho frantsay eny Ambatomena ireo fikambanana mitaky ny fiandrianam-pirenena amin'ireo Nosy Malagasy mandritra ny dian' ny Minisitry ny Raharaham-bahiny frantsay eto. Milaza ny hanao angaredona mba hialan'ny Frantsay tanteraka amin'ireo tanitsika ireo iretsy fikambanana iretsy ao anatin' izany.

**Mamy R.**

## Marina izany !

### Mitaky paikady mahomby !

**Mampihoron-koditra ny endrika isehoan'ny tsy fandriampahalemana eto amintsika. Tsy misy andro tsy andrenesana asan-jiolahy sy trangan'ny herisetra, amoizana ain'olona sy fananana, na farafahakeliny andratrana olompirenena. Eto an-drenivohitra manokana, raha fanendahana sy sinto-mahery no mateti-pitranga amin'ny antoandro tany aloha, amin'izao fotoana izao mahasahy manindrona antsy olom-pirenena, amin'ny andro mazava ny jiolahy. Ary ny tena mampivarahontsana dia mahalana ny olom-pirenena no mahasahy manohitra na mamonjy ireny iharan-doza ireny noho ny tahotra. Ny alina moa dia tsy misy afa-bela ny olom-pirenena mandalo any amin'ireny faritra mena ireny, na mandeha an-tongotra na mandeha kodiaran-droa na mitondra fiara. Ny fanafihana any an-tokantrano any tsy resahina intsony. Efa manana fitaovana mifanahantsahana amin'ny an'ny mpitandro filaminana rahateo ny jiolahy ka tsy ny olon-tsotra mihitsy no hahatohitra izany. Ny firongatry ny tsy fandriampahalemana izay resahina ombieny ombieny fa sady mampitaintaina andro aman'alina ny isan-tokantrano no mahatonga ny olom-pirenena hiraviravy tanana amin'ny asa fanaony andavanandro ihany koa. Antony tokony hametrahan'ny mpitondra ankehitriny ho laharampahamehana ny pôlitika, hametrahana ny tahan'ny filaminana farany ambany azo iainana eto amintsika, mba tsy ho vao mainka hilentika lalina ny fahasahiranambahoaka. Ny paikady, izay raha ny tsikaritra hatramin'izao dia hafa ny dinihina eny ambony latabatra, saingy hafa kosa ny fampiharana izany eny an-kianja. Manamarina izany ny fitarainana re matetika avy amin'ny olompirenena fa na mila tambiny ny mpitandro filaminana eny an-kianja, na izy ireo indray no mandroba!**

Voahangy Rakotozafy

Amboditsiry

# Notokanana omaly ny Mozea Rainilaiarivony

Nanome lanja manokana ny tantaram-pirenena ny fitondram-panjakana omaly teny Amboditsiry. Notokan'ny Filoha Andry Rajoelina sy ny minisitry ny Serasera sy ny Kolontsaina teny an-toerana mantsy ny Mozea Rainilaiarivony. Vakoka iray izay nasiam-panavaozana sy fanarenana tanteraka ka izao vita amin'ny endriny vaovao izao. Nanambara ny Filoham-pirenena tamin'ny lahateny nataony fa ny tantara tsy fanadino. Nomarihany fa anisan'ny nitondra fanavoazana teo amin'ny firenena ny Praiminisitra Rainilaiarivony ary isan'ny nanohitra ireo



hery avy any ivelany sy ny fanjanahana. Nampahatsiahivin'ny Filoha fa olompanjakana, mpitarika isan'ny naharitra indrindra teo amin' ny fitondrana ny Praiminisitra Rainilaiarivony. Nanamarika ny Filoha Andry Rajoelina fa ohatra iray lehibe izy, satria nanamarika fa ny asa atao dia mitoetra. « *Maro ny asa efa natao ho fananganana indray ny tantaran'ny firenena ankehitriny. Tafiditra amin'izany ny fanarenana ny Rovan'i Madagasikara. Efa mitsangana sy hotokanana tsy ho ela ny lapan'i Besakana sy ny lapan'i Manampisoa ary ny Tranovola eny amin'ny Rovan'i Madagasikara* », hoy ny Filoham-pirenena. Ankoatra izany dia arenina sy havaozina koa ny tranobe maro manerana an'i Madagasikara. Hisokatra manomboka anio ity Mozea ity ary ho maimaimpoana ho an'ny mpianatra isaky ny alarobia hariva ny fitsidihana azy. Ho an'ny daholo be kosa, 500 ariary ny sarampitsidihana ho an'ny teratany malagasy; raha 5000 ariary ho an'ny teratany vahiny.

**JUDD**

Famorim-bahoaka ankalamanjana

# Tsy to teny ny minisitry ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana

Tsy nihatra hatramin'ny androany ny fanapahankevitra noraisin'ny minisitry ny Atitany sy ny Fitsinjarampahefana, tamin'ny alalan'ny didy hitsivolana, laharana 60-017, noraisina tamin'ny 14 aogositra 1962, nilazany fa tsy azo atao ny mamory vahoaka an-kalamanjana, noho itsy farany toerana natokana hivezivezen'ny olompirenena tsy an-kanavaka sy ny fananany ka tsy tokony hosakantsakanana. Tsiahivina fa tamin'ny 4 aprily lasa teo no namoaka io fanapahana io, voarakitra antsoratra, teo amin'ny pejy « facebook » ny minisitry ny Atitany sy ny Fitsinjarampahefana. Fanambarana niteraka resa-be tamin'izay fotoana izay ny fametrahany fa mbola tsy fotoanan'ny fampielezan-kevitra izao ary voakasik'izany ny antoko politika rehetra tsy ankanavaka, ankoatra ny tompon'andraikipanjakana. Tsy nisy anefa hatramin'izao ny fampiharana io didy hitsivolana io.

**Baiko am-bava fotsiny!**

Iarahan'ny mpanara-baovao mahita fa afaka namory vahoaka tany Morondava ny filoha teo aloha Marc Ravalomanana. Afaka manohy ny fitetezam-parita, amin'ny alalan'ny « Mihava Tour » ihany koa ny solombavambahoaka Siteny Randrianasoloniaiko sy ireo depiote maro miaraka aminy. Ny dikany, tsy to teny ny minisitry ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana. Ny mifanohitra kosa anefa no niseho, amin'ny Andrimpanjakana mpanatanteraka hafa. Tsy vitan'ny nanaitra ny olom-pirenena fa niteraka resabe mantsy ny zava-nisy tany Sambava, satria baiko am-bava fotsiny no nomen' ny filohampirenena ny mpitandro filaminana dia nampidirina am-ponja ireo voalaza fa nidaroka ilay mpitondra bajaj. Mbola baiko am-bava ihany koa no nomeny ny fitsarana dia nivoaka ny fonja ireo roa lahy voakasik'izany. Marina fa tsy manara-dalàna izany, saingy io aloha no zava-misy.

**V.R.**

Distrikan'i Manja

# Olom-panjakana manapatra fahefana !

Zary lasa mampitaraina ny vahoaka ankehitriny ny fanaparam-pahefana ataon'ireny olom-panjakana ireny. Nahitana tranga momba izany ny tao amin'ny distrikan'i Manja ny fiandohan'ity volana ity. Fianakaviana iray no mitaraina fa nanaovan'ny olom-panjakana any an-toerana antsojay amin'ny fampiharana ny Dina. Araka ny vaovao voaray, dia notondroina ho namono nahafaty ny olona iray tany an-toerana izy ireo ka terena handoa 8 tapitrisa ariary sy omby vositra 5. Io olona io anefa dia maty notifirin'ny mpitandro filaminana tamin'ny volana oktobra 2022 noho ny fifandonana nisy. Fantatra fa taorian'ny fisavana ny tranon' ity farany no nahitana fitaovam-piadiana tahaka ny basy tsy misy taratasy. Voalaza araka izany fa dahalo ity voatifitra ity ary voasambotra sy notanana am-ponja vonjimaika ny vadiny. Nitory anefa ny fianakavian'ilay maty ary manondro ireto fianakaviana manao fitarainana ireto ho namono ny havany. Tsy nanaiky hampiharana ilay Dina anefa izy ireo teo anivon'ny kaominina Beharona. Voatery niakatra teo anivon'ny distrika ny raharaha. Teto no nitranga ny antsojay. Nataon'ilay olom-panjakana tao an-toerana izay nampiarana ilay Dina an-tery. Tsy nanam-bola handoavana izany anefa ireto fianakaviana ireto ka nosamborina ny solotenan'izy ireo ary notanana tao amin'ny biraon'ny zandary nanomboka ny 11 avrily lasa teo ka hatramin'izao.

**Nangonin'i JUDD**

**TOLOTRA MANOKANA Gazetiko**

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

*Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.*

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :

Sandam-bola

# Miverina mitotongana ny Ariary

*Tsy marin-toerana ny vola malagasy.*

Saro-toerana ny vola malagasy eo amin'ny tsena ifanakalozana amin'ny vola vahiny, na ny MID. Miverina mitotongana indray ny Ariary raha ny hita tao anatin'ny iray volana. Ornaly dia nitakalo 4 797,56 Ariary ny vola vahiny Euro iray, ary 4 392,21 Ariary ny vola vahiny Dôlara iray. Mbola nisanda 4 559, 02 Ariary anefa ny Euro iray ary 4 298,26 Ariary ny Dôlara iray tamin'ny 17 martsa lasa teo. Araka izany, nihen-danja teo amin'ny 5,23 isanjato mitaha amin'ny Euro ny Ariary ary nihen-danja 2,16 isanjato mitaha amin'ny Dôlara nandritra io iray volana io. Anisan'ny antony mampitotongana ny vola malagasy ny fihenan'ny vola vahiny miditra eto amintsika. Mandray anjara amin'ny fampidirana vola vahiny ny fanondranana entana mankany Ivelany, ny fahatongavan'ny mpizahatany, ny fampiasam-bola avy any Ivelany, sns. Ny fanafarana entana avy any Ivelany kosa no tena ampiasana an'ireo devizy. Raha ny zava-misy anefa dia mbola ambony lavitra noho ny fanondranana entana ny fanafarana entana ataon'i Madagasikara. Hafarana avy any Ivelany avokoa ny 80 isanjaton'ny entana ampiasaina eto Madagasikara. Araka ny lalànan'ny tolotra sy ny tinady eo amin'ny tsena dia miakatra ny sandan'ny devizy rehefa mitombo ny tinady amin'ny fampiasana azy, ka lasa mampihetry ny sandan'ny vola malagasy. Vokany, lasa miakatra ny vidin'ireo entana hafarana avy any Ivelany.

**R. Muray**

CUA - Fandikana ny ora hifamoivoizana

# Namoaka naoty fampahatsiahivana ho an'ireo kamiao

Maro ireo kamiao tsy manaja ny ora hahafahana mifamoivoy eto Antananarivo Renivohitra. Eo anatrehan'izany indrindra, namoaka naoty fampahatsiahivana ny voalazan'ny didim-pitondrana laharana 11 350/2015, navoakan'ny minisitera, ny kaominina Antananarivo Renivohitra. Araka ny voafaritra ao anatin'ity didim-pitondrana ity dia voafetra ho amin' ny 9 ora alina ka hatramin'ny 5 ora maraina ny fifamezivezin'ireo fiara vaventy mihoatra ny 16 taonina. Ho an'ireo fiara vaventy latsaky ny 16 taonina kosa dia voafetra ho amin'ny 9 ora maraina ka hatramin'ny 11 ora maraina sy amin'ny 1 ora antoandro ka hatramin'ny 3 ora antoandro, ary amin'ny 9 ora alina ka hatramin'ny 5 ora maraina, ny fahafahany mifamezivezy. Tsy tafiditra ao anatin'ity fandaminana ity ireo fiaran'ny JIRAMA sy ireo fiarabe mpitatitra solika. Raha ny zava-misy amin'ny alina eto an-dRenivohitra tokoa mantsy dia manomboka amin'ny 8 ora alina eo dia efa misy mivoaka ireo fiara vaventy. Lasa miteraka fitohanana eny amin'ny lalana ny fivoahan'izy ireo aloha na aorian'ny fotoana voafetra. Anisan'ny tena ahitana izany ohatra ny eny Analamahitsy sy Ambohimanarina, izay matetika ahitana fitohanambe amin'ny alina.

**R. Muray**

Fanabeazana

# Hamokarana boky fizarana mamaky teny sy manoratra

Taorian'ny fanombanana ny boky enti-mampianatra eny amin'ny EPP sy ny CEG dia nilaza i Théophil Rabenandrasana, sekretera jeneralin' ny minisiteran'ny fanabeazampirenena, fa ho amin'ny taompianarana 2023 - 2024 ho avy io dia hisy ny famokarana boky fizarana mamaky teny sy manoratra ho an'ny kilasy T1 sy T2 ary T3. Ilaina ny mampifanaraka ny fampianarana amin'ny toe-javamisy iainana ankehitriny, ka boky mitarika hanovo fahaizana no tokony hovokarin'ireo teknisianina. Ilaina ihany koa ny fametrahana politika nasionaly amin' ny famokarana boky mba hisitrahan'ny zaza malagasy misitraka ny zony dia ny fanabeazana. Alohan'izany rehetra izany, omena fanofanana ireo mpampianatra mba hahafahany mifehy ireo boky, ary hohamafisina ny rafitra amin'ny fanombanana ny boky enti-mampianatra hifanaraka amin'ny filana sy ny fenitra ary ny kalitao tadiavin' ny fanabeazana eto Madagasikara. Araka ny fanadihadiana natao dia ny 10 isanjato amin'ny ankizy 10 taona ihany no mahay mamaky teny sady mahazo ny dikan'izay zavatra vakiany. Ny antsasamanilan'ireo mpianatra T5 ihany no mahafehy ny vaky teny sy ny kajy. Mba hanatsarana izany taha izany, anisan'ny vahaolana ny fanontana boky hoenti-mampianatra vaovao mifanaraka amin'ny vaninandro sy ny zavamisy ankehitriny.

**Nath**

Dominique - Mpampianatra mpikaroka

# Namoaka boky mirakitra ireo tononkalo nosoratan-dRabemananjara

Nivoaka omaly ary efa azo jifaina ilay boky ahitana ny asa sora-dRabemananjara, "oeuvres poétiques de Rabemananjara". Mandritra ilay hetsika tsenaben'ny boky no ahitana azy fa ankoatra izay dia hisy koa hetsika maromaro hataon'i Dominique, izay mpampianatra mpikaroka nanao ity boky ity, ka mandritra ireo hetsika ireo koa dia afaka manantona azy raha hanjifa izany. Telo alina ariary moa ny vidin'ny boky iray amin'izao fanombohana izao fa 50000 ariary kosa izany aorian'izay. Raha resahina kely ny mahakasika ity boky ity, dia tsara ny manamarika fa Rabemananjara no nanoratra azy saingy Ramatoa Dominique kosa no nanamora ny famakiana izany, ka voatery naverina nosoratana mihitsy ilay izy. *"Sarotsarotra ny mandray izay voarakitra ao anatiny ka tsindriko manokana fa nasiako fanovàna kely ny voarakitra tao anatiny. Tsy manova ny zavatra nosoratan-dRabemananjara mihitsy anefa, hoy izy, izany fanovana izany fa vao mainka aza manampy kokoa ny mpamaky hahazo tsara izay tian' ny mpanoratra holazaina"*, hoy i Dominique manazava. Mahakasika izay fanovana izay moa dia nasiany toerana manokana ho an'ny fanazavana ireo andalana mety hoe hampanano sarotra loatra ny olona eo amin'ny fanakarana izay ambaran-dRabemananjara. Nambarany ihany koa fa boky kely maromaro, na ilay antsoina amin'ny teny vahiny hoe "recueil", no nosoratan-dRabemananjara, fa izy no nanambatra ireo ho ao anaty boky iray.

Araka izany dia misy teny fampidirana ao anatin'ity boky ity, izay misy ny fanoroana takila. Misy koa ny mombamomba an-dRabemanjara. Ahitàna takila fanazavana ireo teny sarotra ihany koa anatin'ity boky ity. Misy koa ny pejy fanoroana an'ireo boky efa nosoratany rehetra. Marihina moa fa amin' ny teny frantsay ny boky, saingy miresaka tanteraka momba an'i Madagasikara.

**Tanya R**

HOTSAKOTSAKOINA

"Rehefa hainao fotsiny ny mankafy ny momba anao dia efa hainao ho azy ny mitia ny manodidina. Ianao ho faly sy ho finaritra, ho feno hoby koa ny lanitra."

Ny Vetso

(17. 08. 15)

("If you can learn to love yourself and all the flaws, you can love other people to much better. And that makes you so happy."

Kristin CHENOWETH)

Fanadinam-panjakana BEPC

# 10 taona no zandriny indrindra, 70 taona zokiny indrindra

Nahitana fidinany 4,94 isanjato ny taham-pisoratana anarana ho an'ireo mpiadina hiatrika BEPC amin'ity taona ity. Nahatratra 25 001 ny isan'ireo nisoratra anarana ary hiparitaka manerana ny foibem-pitsarana fanadinana 7, efitrano fianarana 632 ary foibeim-panadinana 45 izy rehetra ireo. Mpianatra 21 218 no nisafidy ny option A ary 3783 no hanao ny option B. 15 ny isan'ireo olona manana fahasembanana hanao Bepc eto amin' ny Cisco Antananarivo Renivohitra. Zazavavy 10 taona no zandriny indrindra ho an'ireo hiatrika BEPC ary 70 taona avy eny Ambohimanarina no zokiny indrindra. Ho an'ny CEPE kosa indray, zaraina amin'ny efitrano fianarana 680 ireo mpiadina 27 862 nisoratra anarana. Ny 68 amin'ireo nisafidy ny Option A, 24508 option B, ary 3286 option C. 21 mianadahy ireo olona manana fahasambenana. Mpianatra 7 taona avy ao amin'ny sekoly tsy miankina “"les petits champions" no zandriny indrindra ary 70 taona taona no zokiny indrindra. Nihena 0,75% ny taham-pisoratana anarana tamin'ity taona ity. Na izany aza, betsaka ireo mpianatra tsy tonga taona fahasivy akory no manandrana miatrika bepc rehefa manao " cours" manokana.

Ho an'ny Cisco Antananarivo Atsimondrano, nidina ihany koa ny taham-pisoratana anarana tamin'ny fanadinampanjakana. Mahatratra 15 221 ireo mpiadina hanao CEPE, 12 423 kosa ho an'ny BEPC. Mizara amin'ny foibem-panadinana 26 izy rehetra ireo. Antony voalaza ho nampidina ny isan'ireo nisoratra anarana ny habetsak'ireo ankizy nitsoaka an-daharana tamin'ity taona ity noho ny fahasahiranana.

**Nath**

Fantina

# Mahatsara ny fahasalamana ny fihinanana persil

Maro ireo zava-tsoa entin'ny persil eo amin'ny lafiny fahasalamantsika olombelona. Manan-karena Vitamine A, Vitamine K, vitamine B9. Betsaka "calcium, "magnesium", "potassium", ary fer ihany koa. Noho ireo singa ao anatin'ireo dia tena tsara hanina tokoa izy. Mahatsara ny fahasalamana ny persil. Ireto misy santionany amin'izany.



**Miaro amin'ny aretina maro ny fihinanana persil.**

**Manadio ny taova ao anaty ny persil**

Rehefa mihinana persil isika dia avy hatrany dia manadio ho azy ny voa na (reins) izy. Manala ihany koa izay mety ho karazam-poizina ao anatin'ny voa. Tsotra kely ny fampiasana azy. Ampangotrahina amin'ny rano ny persil. Avela hangatsiaka ary azo sotroinao amin'ny fotoana rehetra.

**Manamora ny fandevonan-kanina**

Manampy betsaka ary tena manamora ny fandevonan-kanina ihany koa ny persil. Tsotra koa ny fampiasana azy. Arotsaka anaty rano avy nampangotrahina dia sotroina. Aorian'ny sakafo no tena tsara hisotroana azy, raha toa ka somary mavesatra ny sakafo nohaninao.

**Manala ny fofona ao anatin'ny vava**

Manala ny fofona ao anatin'ny vava ny persil. Misy fotoana ianao hoe masina aty izay mety miteraka fofona ao anatin'ny vava, ka raha mihinana Persil dia afaka ilay izy. Amin'ity indray dia azonao sasana fotsiny ilay izy, dia mihinana ravina vitsivitsy fotsiny dia izay.

**Miaro amin'ny aretina cancer sy ny fahatapahan'ny lalan-dra**

Ny voka-pikarohana nataon'ireo manampahaizana no nahalala fa miaro amin'ny aretina homamiadana amin'ny taova ny persil. Ankoatra an'izay, noho ny hamaroan' ny "acide folique" sy ny vitamine B ao anatiny dia manampy betsaka amin'ny tsy hijanonan'ny fo tampoka (crise cardiaque) sy ny fahatapahan'ny lalan-dra ny persil. Miaro amin'ny aretin'ny taovam-pisefoana ihany koa izy, toy ny asthme sy ny kohaka madinidinika. Tsara ho fantatra ihany koa anefa fa miampy an'ireo rehetra ireo dia tena ilaina amin'ny sakafo ny persil. Amin'ny laoka rehetra tianao dia azonao atao ny mampiasa azy. Tsara ho amin'ny fikarakarana ny volo ihany koa, indrindra ho an'ireo olona manana volo somary maina na simba noho ny fandokoana volo.

**Nangonin'i JUDD**